

Departemantan'ny FIPIKRI eto amin'ny Ranomasimbe Indianina

Toriteny ho an'ny Sabata 30 Mey 2015

INONA MOA IZANY NO TOKONY HIVERENAKO EO AMIN'NY FIAINAKO?

Nosoratan'I Sonia PAUL, Talen'ny "Career Development & Testing," ao amin'ny
Oniversiten'i Oakwood, Huntsville, Alabama.

Famintinana: misy andraikitra lehibe takiana amin'ireo izay mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra ho loharanon'ny talenta sy ny fanomezam-pahasoavana rehetra. Azon'Andriamanitra atao ve ny mitoky aminao eo amin'ny fitantanana tsara ireo talenta sy fanomezam-pahasoavana izay nomen'ny Fanahy Masina anao?

Amin'ny maha-tanora zazavavy ahy izay nobeazina tao anatin'ny kolontsaina any amin'ny Nosy "Caraïbes," dia nampianarina mba hanome ny tsara indrindra ho an'Andriamanitra aho. Araka ny fanabeazana izay nomen'ny reniko kristianina ahy, ny zavatra tsara indrindra tokony hatao dia ny manokana akanjo sy kiraro fitondra amin'ny andro Sabata. Ankoatra izany, dia tsy maintsy mianatra isan'andro ny lesон'ny Sekoly Sabata koa aho. Tsy azoko atao ihany koa ny mamela sisa eo ambony viliako, mba ho fankasitrahana ny fitsimbinan'Andriamanitra. Namporisihina ihany koa aho mba hampahafantatra an'i Kristy amin'ny hafa amin'ny fotoana izay maha-mety izany. Izany rehetra izany dia mampahatsiahy ahy ny fiofanana azoko mba hahazoako mandray andraikitra bebe kokoa eo amin'ny lafiny ara-panahy.

Na dia teo aza anefa ireo ezaka tsara indrindra izay nataon'ny reniko, dia hitako fa ny zavatra ilain' Andriamanitra dia ny hanomezantsika Azy ny fontsika, fa tsy ny akanjontsika. Noho izany, dia misy andraikitra lehibe takiana amin'ireo izay mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra ho loharanon'ny talenta sy ny fanomezam-pahasoavana rehetra. Tahaka izany ihany koa, "izay nandray betsaka dia itakiana zavatra betsaka." Isan-kerinandro, mandritra ny fotoam-pivavahana dia misy fanamby izay apetraky ny Malakia 3:8 amintsika "Handroba an'Andriamanitra va ny olona, no mandroba Ahy ianareo?" Raha mandre izany ireo mpamangy izay tonga miara-mivavaka amintsika dia mety ho tohina ary mety manontany ny tenany hoe: "iza koa no handroba an'Andriamanitra?" Mba hafahafa koa izany! Mety ho izany angamba! Na dia izany aza, isika mambran'ny fiangonana, miaraka amin'ny firehetam-po sy ny fientanam-pon'i Petera, dia milaza hoe: "Tsia Tompo ô, tsy hanao izany na oviana na oviana aho..."

Miombon-kevitra amin'i Petera isika, ary izaho dia mihevitra fa tsy misy olona hanao fanahy iniana "handroba an'Andriamanitra" izany. Rehefa jerena anefa ny toerana misy antsika amin'ny maha-mpitantana (raha izany tokoa isika) antsika dia mampieritreritra be ihany. Nahatonga fisainana lalina teo amiko izany ary nahatonga ahy nametra-panontaniana hoe: "Mandroba an'Andriamanitra va ny olona?" Tahaka ny kotoaka no namalian'Andriamanitra hoe: "Izaho no robainareo, dia izao ianareo rehetra iray firenena izao."

Dia hoy isika, "Tompo ô, amin'ny inona moa no androbanay Anao?"

EO AMIN'NY FAMPIASANA NY FOTOANA

Efa nieritreritra ny amin'ny fomba fampiasanareo ny fotoananareo ve ianareo? Tsy manana fotoana voatokana hanaovana fandinihan-tena manokana ianareo noho ireo adidy sy andraikitra marobe sahaninareo. Ankoatra izany, raha misy zavatra manahiran-tsaina anareo na tara ianareo, dia ny fotoana fihaonana amin'Andriamanitra no foanana. Ahoana anefa hoy ny Mpanao Salamo: "Jehovah ô, maraina no handrenesanao ny feoko; maraina no hivavahako aminao, ka hanandrandra aho." Salamo 5:3.

EO AMIN'NY FAMPIASANA NY TALENTA

Tsy vitanareo ny mampiasa ireo talenta anananareo : fanomezana namboarin'Andriamanitra manokana ho anareo. Gejaina fotsiny izany mandritra ny herinandro mifandimby. Mazava ny lalàna mifehy ny toe-karena, eo amin'ny sehatry ny fandraharahana, tsy misy tombony ho azo raha tsy misy fampiasam-bola atao. Etsy andanin'izany, Andriamanitra dia mampanantena ny tombontsoa azo avy amin'ny fampitomboana ny talenta araka ny finoana ananantsika. Toy izao ny voalaza ao amin'ny Salamo 90:17 : "Ary aoka ho aminay ny fahasoavan'ny Tompo Andriamanitray; Ary ampitoero aminay ny asan'ny tananay; Eny, ny asan'ny tananay, ampitoero izy."

Kanefa ianareo dia milaza hoe "tamin'inona moa no nandrobanay Anao?"

EO AMIN'NY ASA FANOMPOANA

Isaka ny tsy mahatanteraka ny asa fijoroana ho vavolombelona (asa fitoriana) isika, dia mampihena ny isan'ny olona tokony ho voavonjy hiditra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra. Ireo zavatra manahiran-tsaina antsika dia azo lazaina fa manan-danja kokoa amintsika raha ampitahaina amin'ny hery jika ananantsika ho entina manampy ny olombelona mijaly. Ny adidintsika dia ny manatanteraka ny asa fanompoana : "Dia tahaka izany koa ianareo, rehefa vitanareo izay rehetra nandidiana anareo, dia ataovy hoe: Mpanompo tsy mahasoa izahay; ny tokony ho nataonay ihany no efa nataonay." Lioka 17:10

Dia hoy ianareo: "tamin'inona moa no nandrobanay Anao?"

EO AMIN'NY LAFINY ARA-PAHASALAMANA

Ny fandikana ny lalàn'ny fahasalamana toy ny tsy fikarakarana tsara ny vatana ohatra dia tena endrika lehibe isehoan'ny fandrobana an'Andriamanitra. Eo amin'ny sehatra ara-medikaly, dia izany no antsoina hoe: "fahatarana eo amin'ny fitomboana"; eo amin'ny lafiny ara-panahy kosa dia ny tsy fahafana mitombo araka ny tokony ho izy. Tena mazava ny momba an'io eo amin'Andriamanitra. Manamafy izany ny mpanompovavin'ny Tompo. Hoy izy hoe: "Tsy afaka ny ho tonga hanampy antsika eo amin'ny fanatanterahana ny toetrantsika ny Fanahin' Andriamanitra, raha toa isika ka mbola tsy mahafehy ny fitiavan-komana izay manimba ny fahasalamantsika." **Counsels on Diet and Foods**, p. 57.

Kanefa ianareo dia mbola milaza hoe "tamin'inona moa no nandrobanay Anao?"

EO AMIN'NY FANOMEZANA

Amin'ny famerenana ny ampahafolony sy ny fanolorana fanatitra. Ny ankamaroantsika dia mihevitra an' Andriamanitra ho toy ny mpivarotra izay manana trosa amintsika. Mino aho fa azonareo ny tiana ambara amin'izany : mandoa vola tsikelikely Aminy isika mandra-pahatapitr'izy rehetra. Tsy eken'Andriamanitra anefa ny fihetsika toy izany. Mazava ny filamatra napetrany mikasika ny famerenana ny ampahafolony sy ny famerenana fanatitra. Tsy ilainy akory izay vola kely atolontsika Azy satria "Azy avokoa ny biby rehetra any an'ala, sy ny biby fiompy arivoarivo eny an-tendrombohitra." Sal. 50:10. Na izany aza anefa, ny zavatra izay andrasany amintsika dia ny fankatoavantsika sy ny fahitsantsika eo amin'ny fanarahana Azy. Tiany raha toa ka atolontsika Azy avokoa izay rehetra ananantsika, tafiditra ao anatin'izany ny fandraisantsika fanapahan-kevitra hanolotra ny fotoanantsika, ny talentantsika, ny vatantsika, ny asa fanompoana ataontsika ary indrindra indrindra ny ampahafolony sy ny fanatitra.

Mandroba an'Andriamanitra ary ve ianao? Moa ve azony atao ny hatoky anao eo amin'ny fitantanana tsara ireo talenta sy fanomezam-pahasoavana anananao ? Raha irinao ny hanana fiainana mirindra ao amin'ny Andriamanitra, dia manasa anao aho, androany, mba handray fanapahan-kevitra miaraka amiko, mba hitohizan'ny fifohazana eo amin'ny FIPIKRI ho fankasitrahantsika ny fahasoavana mahagaga atolony antsika tsy tapaka.

Teny fikasana ho anao : "Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, raha tsy hovohako ny varavarany lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo." Malakia 3:10